
# FOMBA FANAMBOARANA SY FAMPIASANA NY ADY GASY

Version v2

## Ireo sokajin'ny zavamaniry ampiasaina amin'ny ady gasy




## Toromarika amin'ny fampiasana ny ady gasy:

- Mahomby kokoa ny ady gasy rehefa ampiasaina amin'ny fisorohana.
- Ovaovao ireo akora ampiasaina amin'ny ady gasy mba tsy ho zatra ireo bibikely mpanimba voly

## Fampiasana sakay pilokely sy ravina nimo

-Afangaro ny sakay pilokely voatoto (2 sotro), ny ravina nimo voatoto (1 kg) ary rano 5 litatra
- Alona mandritry ny dimy 5 andro
- Ampiana vovon-tsavony 2 sotrokely alohan'ny famendrahana mba hipetaka tsara amin'ny ravina ny fanafody

**Fampiasana azy:**

- Afendraka isaky ny herinandro mba ho entina miady amin'ny olitra

## Fampiasana kaomposta ranony sy ny sakay pilokely

- Araraka ao anaty kaomposta ranony 15 litatra ny vovoka sakay pilokely 1 madco.
- Avela hiotrika mandritry ny dimy (5) andro

**Fampiasana azy:**

- Afendraka isaky ny tapabolana hampiala ny sarika an-tany, ny tsonika, sy hampandositran'ny fisiky, ary hamono ny olitra.

## Fampiasana lavenona

- Tsy misy fikarakarana manokana

**Fampiasana azy:**

- Afafy isaky ny dimy andro hoenti-miady amin'ny aboaly amin'ny rara-bary
- Afafy amin'ny ravina aorinan'ny fanondrahana isaky ny herinandro eny amin'ny felika hoenti-miady amin'ny olitra

Produit par le projet ProSol à Madagascar